# Asa fitoriana ny filazantsara, Nahatratra 2422 ny olona nanolotena ho an'Andriamanitra tamin'ny enimbolana voalohany taona 2017.

*Niasa ny fiangonana. Nifanohana ny pastora, ireo mpamaky lay ary ny mpitory laika raha io vokatra vonjimaika io no iaingana. 2422 ny olona natao batisa nanerana ny Federasiona Madagasikara Afovoany tao anatin'izay dingana voalohan'ny asa fitoriana filazantsara izay. Tatitra voaray teto amin'ny foibe ny alakamisy 13 jolay teo. Mbola misy ireo tarehimarika andrasana avy amin'ireo faritra tena lavitra. Azo antoka fa hiampy io isa roa arivo mahery io.*

Nisongadina ny distrikan'I Maroantsetra I. Nahatratra 168 ireo fanahy nanolo-tena ho an'Andriamanitra. Manarakaraka azy ny tao Anosibe nahitana batisa 96 ary fahatelo ny distrikan'Ambohimangakely izay nahazo olona vaovao 70. Miditra amin'ny dingana faharoa eo amin'ny asa fitoriana ny fiangonana ankehitriny. Azo antoka fa hiakatra ny isa 2376, vokatra azo nandritra izay tapa-taona izay.

Mikasika ny fitombon'ny fiangonana amin'ny ankapobeny kosa, nisy ny fampiakarana teo amin'ny satan'ny fiangonana voalamina. Niisa 38 no niova sata nandritra izay enimbolana izay. Isan'ny notokanana ihany koa ny FAMAF tao Antetezambaro Salazamay sy ny tao Antanivao Antsirabe. Ity farany ilay antsoina hoe trano fiangonana vita iray andro na one day church.

## BAPTEMES PAR DISTRICT 2017

| N° | NOM ET PRENOM | DISTRICT | 1ER TRIM | 2EM TRIM | TOTAL |
|---|---|---|---|---|---|
| 1 | ANDRIAMITAHANTSOA Mampionona René | Ambatoharanana | 6 | 0 | 6 |
| 2 | RAMIANDRISOA Miadanarivo Rantonirina | Ambatolampy * | 10 | 11 | 21 |
| 3 | RAVONINAHITRA Mickel | Ambohibary | 1 | 27 | 28 |
| 4 | RAKOTONIAINA Maherinarivo | Ambohidroa | 0 | 35 | 35 |
| 5 | TANTELIARIVONY Luc Kida | Ambohijafy | 15 | 62 | 77 |
| 6 | RAZANAJATOVO Raymond | Ambohijanaka | 0 | 18 | 18 |
| 7 | RAMAMONJY Patrick | Ambohimanarina | 4 | 12 | 16 |
| 8 | ANDRIANASOLO Mampionona Sandratra Avotiana | Ambohimandroso | 0 | 8 | 8 |
| 9 | JIMISON Josoa Jacquot | Ambohimangakely | 22 | 48 | 70 |
| 10 | RASOLONJATOVO Landiela | Ambohimanjaka Manandona | 11 | 20 | 31 |
| 11 | RANDRIAMALANTO T. Tsiorinisoa Lantotsiory | Ambohimasina | | 15 | 15 |
| 12 | RANAIVOMANOELINA Jean Pierre | Ambohitrimanjaka | 0 | 0 | 0 |
| 13 | ANDRIANARIVO HARINJAKA Raphäel | Ampangabe Ilafy | 2 | 20 | 22 |
| 14 | RABEHAJARISOA Jean Odile | Amparafaravola | 24 | | 24 |
| 15 | RAKOTOMALALA Mijo Tsiry | Andilamena | 0 | 31 | 31 |
| 16 | RAKOTOARISOA Oded | Andraisoro | 3 | 50 | 53 |
| 17 | RAZANADRABE Hery Lanto | Andramasina | 0 | 9 | 9 |
| 18 | ANDRIANASOLO Ainanirina | Androndra | 5 | 25 | 30 |
| 19 | RAKOTONIAINA Jeannot | Anjozorobe | 13 | 10 | 23 |
| 20 | HARINJATOVO Andrinirina | Ankadinondry Sakay | 0 | 11 | 11 |
| 21 | RAKOTOBE Joseph Patrick | Ankavandra | 0 | 12 | 12 |
| 22 | NDIMBIARILALA Jimmy Nantenaina | Ankazobe I | 0 | 36 | 36 |
| 23 | HAJA ANDRIAMANANKASINA Rija | Ankazobe II | 33 | 27 | 60 |
| 24 | RASODISON Raymond Félix | Anosibe | 51 | 45 | 96 |
| 25 | TOLOJANAHARY Andoniaina Ony | Anosibe An'Ala | 1 | 10 | 11 |
| 26 | ANDRIAFALIHERY RAMBELOSON Herinosa | Antanamalaza | 0 | 9 | 9 |
| 27 | RAKOTONDRAMANANA | Antanifotsy | 1 | 11 | 12 |
| 28 | RAKOTOARIVELO Tsiriniaina Harison | Antsahasoa | 14 | 19 | 33 |
| 29 | RANALA Isaac Andriamaniry Zakambololona | Antsahatanteraka | 11 | 24 | 35 |
| 30 | RAMANANIARIVO Tiarson José Armand | Antsirabe Mahazoarivo | 5 | 35 | 40 |
| 31 | RIJA MORY ESPERANTO | Antsirabe Tsarasaotra | 6 | 15 | 21 |
| 32 | DAVIDRA Harsha Niaina | Arivonimamo | 12 | 7 | 19 |
| 33 | RAMANANTSIALONINA Gabriel | Avaratetezana | 16 | 39 | 55 |
| 34 | RAKOTOMAMONJY Herizo Manantsoa | Behenjy | 0 | 0 | 0 |
| 35 | ANDRIATAHIANA Sandy Alberto | Bejofo | 35 | 35 | 70 |
| 36 | RAZANAKOLONA Arlain Armel | Beryl Rose | 32 | 83 | 115 |
| 37 | RAZAFIMAHENINA Joseph | Betafo | 12 | 23 | 35 |
| 38 | RANDRIANTSALAMA Jeannot Romain | Brickaville | 21 | 40 | 61 |
| 39 | RAKOTONDRAFARA Onja Faniry | Brieville | 0 | 12 | 12 |
| 40 | RANDRIAMAHEFARISON Nirina | Faratsiho | 0 | 17 | 17 |
| 41 | RANAIVOHARIVONY Samoelina | Fenerive Est | | 15 | 15 |
| 42 | RAZAF-MAHAROLAHY Prisque Haingo | Fenoarivobe | 15 | 15 | 30 |
| 43 | RASAMOELINA Njaka Barison | Imerintsiatosika | 10 | 24 | 34 |
| 44 | SAMBANY Petera Zacharie | Isotry | 10 | 20 | 30 |
| 45 | RANDRIAMAMPIONONA André | Ivato | 17 | 26 | 43 |
| 46 | RABERANTO Njatoarilala Tefintsoa | Mahanoro | 0 | 0 | 0 |
| 47 | ANDRIAMIARINTSOA Laurent | Mahitsy | 8 | 23 | 31 |
| 48 | RABEMANANTSOA Hasina Lalaina | Mananara I- AVARADRANO | 16 | 33 | 49 |
| 49 | RANDRIANJATOVO Herintsoa André | Mananara II- ANIVONDRANO | 7 | 6 | 13 |
| 50 | RAKOTOARISOA Jean Claude Pascal | Mananara III- SANDRAKATSY | 7 | 41 | 48 |
| 51 | RAMAROSON Herinjaka | Mandoto | 0 | 10 | 10 |
| 52 | RABELOHATAONA Besaonina Andriamparany | Mandrosoa | 16 | 51 | 67 |
| 53 | RALAIARIMANANA Harisoa Tiana | MANGARANO | | 16 | 16 |
| 54 | RAKOTOARIJAONA Mamy | Manjakandriana | 0 | 14 | 14 |
| 55 | ANDRIANASOLO Mamitiana Lovasoa | Manjakaray | 0 | 15 | 15 |
| 56 | FANANTENANA Eliezera Andrisoa | Maroantsetra I | 75 | 93 | 168 |
| 57 | RAKOTOMANGA Radolalaina Elysé | Maroantsetra II | 0 | 34 | 34 |
| 58 | RAMIHAJANIRAINIARIMANGA Joeliarison | Maroantsetra III | 14 | 34 | 48 |
| 59 | RAHOLIMANANA Olivier | Miandrivazo | | 6 | 6 |
| 60 | ANDRIAMPARANTSOA Ernest | Miarinarivo | 26 | 16 | 42 |
| 61 | RAKOTOARIMINO Norwin | Moramanga I | 22 | 9 | 31 |
| 62 | RAVELONARIVO Fenosoa | Moramanga II | 10 | 25 | 35 |
| 63 | RASOANAIVO Andriantsoa Tojoson | Nord SALAZAMAY | 17 | 18 | 35 |
| 64 | RAKOTOARISON Nono Liva | Sainte - Marie | 1 | 9 | 10 |
| 65 | ANDRIANATREHANA Nantenaina Hery Mamy | Soamanandrariny | 0 | 19 | 19 |
| 66 | RALANTSOSOA Tsilavo | Soanierana Ivongo | 15 | 7 | 22 |
| 67 | ANDRIANOMANANA Sarindraharivola | Soavinandriana | 24 | 42 | 66 |
| 68 | RABARISON Abel Andrianarisoa | Soavinimerina | 8 | 30 | 38 |
| 69 | RAMANONINTSOA Ravelonanosy Alain | Tanambe | 1 | 28 | 29 |
| 70 | RANAIVOSON Raymond Herinaina | Tanjonandriana | 26 | 28 | 54 |
| 71 | FIDIARISOA Herizo Haritiana | Tsiroanomandidy I- Tsaralalàna | 7 | 14 | 21 |
| 72 | ANDRIANANTENAINA Herisoa | Tsiroanomandidy II- Soanafindra | 4 | 11 | 15 |
| 73 | RAKOTOVAO Andriakova | Vatomandry | 0 | 0 | 0 |
| | | | 722 | 1643 | 2365 |

| | | | | | |
|---|---|---|---|---|---|
| | PIONNIERS FMC | | | | |
| 1 | RAKOTOARIMANANA A.N. Fanomezantsoa | Ranomainty | | | |
| 2 | ANDRIAMANANTENARIMALALA Jean Félix | Sakoamadinika | | | 21 |
| 3 | RAVELOMANANA Hajaniaina Marc | Antanambe- Mananara Nord | | | 11 |
| 4 | RAHARISON H. John Luther | Marolambo | | | |
| 5 | ANDRIMBAHOAKA Fenontsoa | Amboasary Gare | | | |
| 6 | ANDRIANTSOA John Willy Solofonirina | Beforona- Moramanga | | | 4 |
| 7 | RAKOTOARIMALALA Fiononana | Belobaka- Tsiroanomandidy | | | 11 |
| 8 | RAJAONARISON Enon | Ambatomanohina-Anjozorobe | | | 10 |
| 9 | RALISAONA Solofo Solomona | Vavantenina | | | |
| 10 | RADO Marchel | Merikanjaka | | | |
| 11 | SOLONDRAINY Safidy Fanantenako | Amparaky | | | |
| | | | | | 57 |

**Pasteur Andriamparatiana / Psd FMC**

**Ramiarankaja Harimanana Ando / Tresorier FMC**

# Ny tsara ho fantatra momba ny fomba fanaon'ny fiangonana sy ny foto-pinoana ( tohiny)

*Ny endriky ny fanompoam-pivavahana dia miovaova arakaraky ny firenena sy ny kolontsaina. Mety hiseho amin'ny endrika anakiroa izy io araka ireto aseho manaraka ireto*

## Fandaharana lavalava

Atomboka amin'ny feon-java-maneno fanokafana azy, arahan'ny filazan-draharaha. Rehefa izany dia miditra ny mpandray anjara amin'ny fanompoam-pivavahana. Atao avy eo ny teny fohy fanomezam-boninahitra an'Andriamanitra sy ny antso(vavaka) ary ny famakiana ny Soratra Masina. Aorian'izay ny firedonana ny hira fiderana sy ny vavaka. Mitohy amin'ny hira na feon-java-maneno manokana mialoha ny fanatitra. Tohizana amin'ny hira fanloran-tena ny fotoana. Alefa ny toriteny arahana hira sy ny tso-drano. Mitsangana na mipetraka ny mpivory sady manao vavaka mangina mandritra ny fotoana fohy mialoha ny hivoahana ny fiangonana. Ny feon-java-maneno no hamaranana tanteraka ny fotoana

## Fandaharana fohy

Ny filazan-draharaha no hanombohana ny fotoana. Mitohy amin'ny hira, ny vavaka ary ny fanatitra. Miredona hira ny fiangonana na feon-java-maneno manokana no atao mialoha ny toriteny. Hira sy vavaka tso-drano no hamaranana ny fotoana. Mitsangana na mipetraka ny mpivory sady mivavaka mangina

## Fanamarihana

Rehefa miditra sy mandohalika ireo mpandray anjara ,ny mpivory dia tokony hanondrika ny lohany , hangataka ny fanatrehan'Andriamanitra sy ny fitahiany. Tokony hisy fahanginana miendri-piankohofana, satria mizara roa lehibe ny fanompoam-pivavahana. Voalohany, io ny fotoana hankasitrahan'ny fiangonana an'Andriamanitra amin'ny alalan'ny fiderana sy ny fitsaohana, ka asehony amin'ny alalan'ny hira sy ny vavaka ary ny fanolorana fanatitra izany. Faharoa, io ny fotoana handraisana ny hafatra avy ao amin'ny Tenin'Andriamanitra.

Ilay olona mitarika ny mpivavaka hanatrika an' Andriamanitra amin'ny alalan'ny vavaka pastoraly dia azo lazaina fa manatontosa ny fizarana faran'izay masina indrindra eo amin'ny fanompoam-pivavahana manontolo ka tokony ekeny am-panajana sy amim-panetren-tena ny fahalehibeazan'izany adidy izany. Araka ny fanao dia mandohalika manatrika ny mpiangona ilay olona mivavaka,ary ny mpiangona araka izay azony atao dia mandohalika koa sady manatrika ilay mivavaka. Aoka ho fohy ny tonom-bavaka kanefa mahafaoka ny fiankohofana, ny fisaorana, sady mahalaza izay zavatra ilain'ny mpivory sy izay ilain'ny saha maneran-tany.

Manana anjara makadiry koa ny fanaovana fanatitra eo amin'ny fanompoam-pivavahana.Raha antsoina isika "hiankohoka eo anatrehan'I Jehovah Tompo amin'ny fihaingoana masina", dia asaina koa isika hitondra fanatitra sy hankeo an-kianjany.(Sal 96:8,9). Noho izany, ny fanaterantsika fanomezana ho an'Andriamanitra dia manan-toerana eo amin'ny fanompoam-pivavahana.

*Fitsipika mifehy ny fiangonana P. 224,225*

**Pst David Olivier R.**

## Fantatrao ve fa !

Ny taona 1946 ka hatramin'ny taona 1958 no nanatanteraka ny asa fitoriana ny Filazantsara teto Madagasikara ny pastora Jean ZURCHER mianakavy.



Pastora Jean ZURCHER mianakavy

Ny voalohan'ny volana mai 1946 izy ireo no niainga tao Genève. Naharitra 5 volana ny dian'izy ireo teny ambony sambo. Nandalo tao Barcelone,Madrid,Lisbonne, Madere, Sao-tomé, Luanda, Lobito, Le Cap, Durban, tao Mahajanga ary tonga teto Antananarivo teto Soamanandrariny ny faran'ny volana Septembre 1946.

Ity no trano nandraisana azy mianakavy tamin'izany fotoana izany.



Trano fonen'ny filohan'ny Federasdiona


Ny 29 octobre 1946 no nanombohan'ny Pastora Jean Zurcher ny fananganana ireo foto-drafitrasa goavana teto Soamanandrariny. Niainga tamin'ny fanorenana ny trano sekoly sy trano ho an'ny kilasimandry zazavavy izany.



Biraon'ny FMC

Fanamby napetraky ny Pastora Jean Zurcher mivady ny fampiroboroboana ny Sekoly izay tsy maintsy hitarika ihany koa ny fandrosoan'ny asa fitoriana ny Filazantsara.

Ny taom-pianarana 1954 no nanombohana ny fanorenana ny trano fiangonana lehibe izay ahafahan'ireo mpianatra manodidina ny 500 tamin'izany fotoana izany hivavahana.




Hady fototra SDA Soamanandrariny

Ny fametrahana ny vato fototry ny trano Fiangonana izay natrehin'ny mpampianatra sy ny mpianatra.

Ny 21 sy 22 Mai 1955 no fotoana nitokanana ny tapany voalohany tamin'ny trano fiangonana teto Soamananadrariny.




SDA Soamanandrariny trano voalohany



SDA Soamanandrariny notokanana

Vita ny trano fiangonana .



## CONFERENCE AMBATONDRAZAKA: 24 no natao Batisa, 110 tapakevitra hianatra Baiboly



Ambatondrazaka

Isaorana Andriamanitra fa tontosa soamantsara ny "Conférence " notontosain'ny talen'ny départemantan'ny Fifandraisana tany Ambatondrazaka ny 06 Mai 2017 ka hatramin'ny 14 May 2017.

Ankasitrahana sy isaorana ihany koa ny pastora isany RANALA Isaac Andriamaniry sy RANDRIAMALANTO Tsiorinisoa Lantotsiory , ny filankevitry ny distrika, ny vaomiera rehetra sy ny mpiasan'ny Radio Oasis ary ny mambra rehetra ato anatin'ny distrikan'Ambohimasina sy Antsahatanteraka. Tolorana fisaorana ihany koa ireo groupe sy antokom-pihira avy amin'ireo distrika 02 ireo ary ny groupe Alison noho ny fandavan-tenan'izy ireo ka nifanome tanana nahazoana nanatontosa iny "conférence" iny. Tsapa tokoa nandritra iny fotoana iny fa ny fiaraha-mientana amin'ny famitàna izao asa nanirahana antsika izao dia mitondra ho amin'ny fahombiazana mandrakariva.

Isaorana Andriamanitra ny amin'ireo Fanahy 24 nanolo-tena tamin'ny ranon'ny batisa, eo ihany koa ireo olona 110 namaly ny antso sy ireo izay mbola tsy tapa-kevitra. Mbola tsy vita ny asa satria dia mila ny fiaraha-miasa sy fiaraha-mientana avy amintsika rehetra ny fanarahana azy ireo.

Nanatanteraka asa sosialy ho fanadiovana ny tanàna ihany koa ny mambra notarihin'ny pasitoran'ny distrika.

Ny ben'ny tanàna dia maniry ny hiara-hiasa amin'ny Fiangonana ho famonjena ireo tanora mivari-lavo amin'ny zava-mahadomelina amin'iny faritra iny.

Ho an'Andriamanitra irery ihany ny voninahitra. Toy izao ary ny tatitra fohy ny amin'ny vokatra nandritra iny fotoana iny.

Vita batisa ny sabata 13 may nahatratra 24. Niisa 600 – 750 ny isan'ireo olona nanatrika. Tafakatra 1000 ny isan'izy ireo ny sabata 13 may. Teo amin'ny 360 kosa ny salanisan'ireo liana tonga nanatrika. Rehefa natao ny antso dia olona 110 no nanapa-kevitra hiroso hatao batisa.

Betsaka ny asa mbola miandry antsika koa alao hery, ry mpiray fanantenana malala. Andriamanitra manankarem-pahasoavana anie hamaly fitia anareo.

*"….Tsy foana tsy akory ny fikelezanareo aina ao amin'ny Tompo" 1 Kor 15 : 58*

### ------------------------Fitsidihana an'I Maroantsetra I sy II ary III---------------------------------




Nitsidika ny distrikan'i Maroantsetra I, II, III ny talen'ny Département'ny Fifandraisana ny volana Mars 2017 lasa teo.
Na dia mbola vao avy nandalo "cyclone" aza i Maroantsetra dia mambra marobe no niara-nidera an'Andriamanitra ny Sabata 11 Marsa , eny fa na dia marobe aza ireo tany ivelan'ny Fiangonana. Nahavelom-bolo ihany koa ny nahita ny fahavitrihan'ny mambra sy ny fahavononan'izy ireo hiara-hientana hanangana ny radio Oasis any an-toerana, eny fa na dia vao nolalovan'ny "cyclone" vao tsy ela akory aza izy ireo. Andriamanitra anie homba azy ireo ka ho tafatsangana tsy ho ela izany haino aman-jery izany. ho ela izany haino aman-jery izany.

**RAKOTONDRASALAMA Lydia Arthur**
**Talen'ny departemantan'ny Fifandraisana FMC**

## Vaovaon'ny departemantan'ny Fiainam-pianakaviana (FIPIA)



Novokarina tamin'ny tapa-taona voalohany tamin'ity taona 2017 ity ny boky "Tokantrano sambatra sy tretrika laharana faharoa (volume II) miisa 5000.
Efa lany tanteraka ny boky "Tokantrano sambatra sy tretrika andianay voalohany izay miisa 5000 ihany koa ka izany no antony namokarana ny boky faharoa. Naompana amin'ny fanabeazana ara-pahasalamana sy ara-pitondrantena ny votoatin'ny boky. Tsara kalitao. Azo jifaina ao amin'ny Stock FMC sy ao amin'ny Galérie Oasis amin'ny vidiny 3000 Ariary.

Nofanina momba ny fiainam-pianakaviana pastoraly ireo mpitandrina teto amin'ny faritra Analamanga ny volana febroary 2017. Ny Pastora sy ny vadiny no nantsoina hiatrika ny fiofanana. 91 no isan'izy ireo. Ny Fifandraisan'ny mpivady,ny fanabeazana ny zanaka pastora ary ny fitantanam-bolan'ny fianakaviana no nanofanana azy ireo.Ny mpitantana ara-bola avy ao amin'ny Fivondronamben'ny Federasionan'ny Fiangonana advantista aty amin'ny ranomasimbe Indiana ny pastora RASOLONOMENJANAHARY Robert, ny filohan'ny Federasiona ny Pastora ANDRIAMPARATIANA Fanera ,ny mpitantana ara-bola ny pastora RAMIARANJAKA Harimanana Andosoa , ary ny Talen'ny departemantan'ny Fiainam-pianakaviana eto anivon'ny federasiona ny pastora RATOVOARISOA David Olivier no nanatontosa ny fanofanana.

Fitsangatsanganana lehibe andiany faharoa nokarakarain'ny departemanta ny alahady 18 Jona 2017 teny amin'ny Batou Beach teny Ambohimanambola : nahatratra 8000 mahery ny mpandray anjara. Noferana ny isa tamin'ny andiany faharoa mba ho antonona tsarany toerana . Ny andiany voalohany dia tamin'ny volana Aogositra 2016 nahitana mpanatrika mihoatra ny 10000.

Ny tanjona nokendrena tamin'izao fitsangatsanganana izao dia ny hifankafantaran'ny mambra samy mambra, fampifandraisana ireo tanora, ary fomba iray natao ihany koa hisintonana ireo olona liana. Izany no natao dia ny hanatrarana ilay tanjona "Manatevina ny ao anatiny sy ny Fanatrarana ny any ivelany". Tratra ireo tanjona ireo ary nihoarana teo amin'ny lafiny araka isa satria 6000 no nandrasana ho avy handray anjara.

Ny Departemantan'ny Fiainam-pianakaviana dia nanentana ny fianakaviana tsirairay hampiely ny boky misionera "Tantara mitory Fanantenana". Boky 10 isaky ny fianakaviana no tanjona nokendrena. Ny tokantrano nisy an-dRamatoa Haja avy ao amin'ny fiangonana Advantista Cité Itaosy no nahavita nizara boky be indrindra ; nahatratra 60 isa. Efa mihoatra ny 10000 ny boky misionera miely amin'izao fotoana izao.

**Pst David Olivier**

### ----------Mandray ny Tenin'andriamanitra ny vahoaka afrikana, an'hetsiny natao batisa tao Tanzanie sy Uganda--------------

Miteny ho azy ny tarehimarika, olona niisa 117 000 no vita batisa tao amin'ireo firenena afrikana anakiroa ireo taorian'ny asa fitoriana ny filazantsara lehibe natao ny 16 jona – 01 jolay lasa teo. Mpitory teny niisa 24 000 no nifarimbona ka laika ny ankabeazany. Toerana fitoriana filazantsara na "site" 8000 no niasa. Nandray anjara ny mpino advantista satria nanolotra izay ilain'ny mpiara-monina taminy, na lafiny fahasalamana na ireo tantsoroka hafa ilain'ny olona. Maimaimpoana avokoa ireo tolo-tanana nataon'ny advantista ireo. Nisongadina ohatra



Batista tao Ouganda

ilay toeram-pitsaboana najoro tao Mbarara Ouganda, olona 800 isan'andro no noraisiny an-tanana. Fitaovana nampiasain'ny fiangonana nanapariahana ny vaovao mahafaly izy io. Vokany, 35 ny vita batisa. Ho an'I Tanzanie manokana, 80 806 ny natao batisa, 35 969 kosa tao Uganda. Nitombo isa sy nihamaro ny fiangonana raha ireo tarehimarika ireo. 6 hetsy ny isany ao Tanzanie raha toa ka 330 000 ao Uganda. Fanindroany izao no nahazo vokatra nihoatra ny 1 hetsy ry zareo tao afrika afovoany atsinanana. 117 000 no nanolotena ho an'Andriamanitratra tao Kenya tamin'ity farany ity, raha toa ka 110 000 tamin'ny taona lasa. Mifanohana ny mpino erantany amin'ny ezaka atao ankehitriny, nahazo fitaovana nahafahana nitory ny filazantsara ireto evanjelistra tao afrika afovoany atsinanana ireto, isan'ireny ny fanomezana "video projecteur" manokana niisa 1200, izay tsy voatery hampiasaina solosaina satria irony "clé usb" irony dia efa mety aminy. Miantso ny mpino advantista rehetra hifanohana amin'ny asa fitoriana ny vaovao mahafaly ny Pastora Ted Wilson, filohan'ny foiben'ny Fiangonana Advantista manerantany. Naneho ny hafaliany ihany koa izy taorian'ny fahitana izao vokatra an'hetsiny izao.

**Vonona R.**

## Vaovaon'ny departemantan'ny tanora




Fihetsehana mahery vaika roa no nanamarika ny enimbolana voalohany ho an'ny fikambanana tanora advantista teto anivon'ny Federasionan'ny fiangonana advantista Madagasikara afovoany. Eo an-dàlam-piatrehana ny fahatelo amin'izao fotoana izao.

Ny voalohany dia ny andro maneran-tany ho an'ny tanora ny "global youth day" ny 18 marsa 2017 lasa teo izay notanterahina manerana ny fiangonana maro ; indrindra teto amin'ny faritra Analamanga ary koa tany amin'ireo faritra hafa toy ny tany Vakinankaratra sy Atsinanana.

Nanamarika izany ny fanomezana rà maimaimpoana nataon'ny tanora advantista miisa 70 teny hôpitaly Joseph Ravoahangy Andrianavalona teny Ampefiloha izay nomena ny lohahevitra hoe : « Izay manome rà, manome aina » nosintonina avy amin'ny Jaona 15 : 13 « Tsy misy manana fitiavana lehibe noho izao dia ny manolotra ny ainy hamonjy ny sakazainy ». Ny Chef Aoudad Humble no nitarika ity hetsika fanomezan-drà ity.

14 litatra no rà nomena teto Antananarivo, 7,25 litatra tany Antsirabe ary 2,75 litatra tany Toamasina.

Nisy ihany koa ny fizarana ireo zavatra ilain'ny olona amin'ny fiainana andavanandro toy ny vary, sira, siramamy,savony, labozia, afokasoka izay nanatrarana ireo sokajin'olona tena sahirana teto an-drenivohitra isaky ny vakim-paritra nanakaiky ny fiangonana advantista.

Nisy koa ny fizaham-pahasalamana maimaimpoana niarahana tamin'ireo dokotera advantista. Rakotry ny teny faneva hoe : " Izaho no toriteny" ny tontolo andron'ny sabata 18 Marsa 2017.


Fanomezandrà

Nandritra ny enimbolana voalohany ihany koa no nananganan'ny tanora Advantista teto amin'ny faritra Analamanga ny Fiangonana tao Ambohibao Atsimo. Nanomboka hatramin'ny fanorenana ka hatramin'ny fitokanana ny trano. Olona 5 no vita batisa nandritra ny lanonam-pitokanana izay notarihin'ny filohan'ny Federasiona ny pastora Andriamparatiana Fanera.



Tanora advantista maherin'ny arivo no nandray anjara tamin'ny seminera sy kaonferansa tany amin'ireo distrika teto amin'ny faritra Analamanga izay tafiditra tao amin'ilay ezaka fitoriana ny filazantsara "ANTANANARIVO HO AN'I KRISTY".

**Fahombiazana ho an'ny LYPARS ny taom-pianarana 2016-2017**

Nitombo ny isan'ny mpianatra. Voka-panadinana CEPE 86,20%, BEPC 76,06%, nisondrotra kilasy 94,3%, 17,25/20 ny salan'isa ambony indrindra azon'ny mpianatra, 17 ny mpianatra vita batisa, 42 ireo ankizy nahazo mari-pankasitrahana amin'ny fianarana asa tanana, vita raki-kira sy raki-tsary ny hira faneva vaovao « Fanabeazana tsara tokoa » ary niampy iray ny foto-drafitrasa dia ny WC manara-penitra. Ireo ny vokatra nandritra ny taom-pianarana 2016-2017. Mpianatra miisa 717 no nianatra tao amin'ny Lypars nandritra ny taom-pianarana 2016-2017. Nahitana fisondrotana 126 izany raha mitaha tamin'ny taona lasa. Mampisongadina ity sekoly ity ireo voka-panadinana tsara mitaha amin'ny vokatra ofisialy eto amin'ny CISCO avaradrano. Inoana fa ho tsara koa ny voka-panadinana Baccalauréat. Ny fanabeazana ara-panahy moa no anisan'ny tena mampiavaka azy ; ary dia nandray anjara tamin'ny hetsika Antananarivo ho an'i Kristy ny sekoly izay nahazoana io vokatra batisa io. Ny Filohan'ny FMC dia sahy nilaza fa tsy misy sekoly manana fanabeazana mitovy amin'ny ao amin'ny Lypars eto Antananarivo noho izy mampianatra ny ankizy hiatrika ny fiainana amin'ny alalan'ny fianarana asa-tanana izay iarahany miasa amin'ny CFF na ny Centre de formation des femmes; nefa tsy misy saram-pianarana amboniny aloa. Mitombo lenta ny sekoly amin'ny fananany WC manara-penitra. Hitohy izany ezaka izany amin'ny taom-pianarana manaraka amin'ny fananganana foto-drafitr 'asa ho an'ny fanatanjahan-tena sy efitrano fianarana vaovao.

## FITORIANA NY FILAZANTSARA « FANANTENANA HO AN'ANTANANARIVO »: NANDRAY ANJARA NY DEPARTEMANTA MIADIDY NY ANKIZY

Nahatratra 654 ny isan'ny ankizy nofanina ho mpitoriteny ary niisa 220 ny "site" notanan'ny ankizy nanerana ny federasiona fa nisy ihany koa anefa ireo site niarahan'ny ankizy nanatanteraka tamin'ny olon-dehibe.Tao amin'ny distrikan'Androndra dia nisy ny site niarahan'ny departemanta tamin'ireo tompon'andraikitry ny sampana miadidy ny ankizy teo anivon'ny distrika niarahana tamin'ny pastora filohan'ny distrika ihany koa ka olona maherin'ny 150 no nanatrika ny kaonferansa.

Ny 4 jona 2017 dia nisy ny hetsika nataon'ny sampana miadidy ny ankizy ho fitoriana ny filazantsara ho fanatrarana ny tanàn-dehibe. Fizarana fanomezana ho an'ireo ankizy sahirana teto amin'ny faritra Antananarivo sy ny manodidina. Nanatanteraka izany ireo ankizy avy amin'ny fiangonana teto Antananarivo rehefa avy nanatontosa ny kaonferansa teny anivon'nyisampiangonana sy ny distrika. Ankizy 350 no nahazo kilalao tamin'io alahady 4 Jona 2017 io.

Fitoriana ny filazantsara nataon'ny ankizy tany amin'ny faritra Itasy: 12 ka hatramin'ny 14 Mai 2017.

Ankizy miisa 409 no tonga nandray anjara .Pejy voasoratra 2000 isa no voazara tany an-toerana ary olona 4 no vita batisa.

Fitoriana ny filazantsara tany amin'ny faritra Alaotra Mangoro : 8 ka hatramin'ny 11 Jona 2017

Ankizy miisa 800 no tonga nandray anjara. Nahatratra 2500 ny isan'ny pejy voasoratra teny amin'ireo trano sy vohitra maromaro notsidihina.

Niavaka ny fanamarihana ny fetin'ny reny izay natao teny amin'ny Madagascar Hôtel teny amin'ny bypass ny 28 may 2017 . Nandray anjara avokoa ireo ankizy avy amin'ireo Distrika sy fiangonana teto Antananarivo sy ny manodidina.

## MPIASAN'NY RADIO OASIS FMC, NAHAZO ANJARA FIOFANANA AVOKOA

Vita tao anatin'ny enimbolana voalohany ny fanofanana ny mpiasan'ny Radio Oasis rehetra ao anatin'ny Federasiona Madagasikara Afovoany. Nisantatra izany ny avy eto Antananarivo tamin'ny faha-12 febroary 2017 tontolo andro ka niisa 50 ny mpandray anjara. Nisy avy tamin'izy ireo no mpitandrina. Torak'izany koa ny tany Antsirabe izay natao ny 31 marsa ka hatramin'ny 04 avrily 2017 ka mpiasa 20 teo ho eo no nanatrika. Nandimby ny avy ao amin'ny renivohitr'i Vakinankaratra ny tany Faratsiho ka 15 no niatrika fiofanana. Tsy diso anjara ny tao Tsiroanomandidy izay nahitana mpiofana 50 ihany koa. Mbola nahazo ny anjara fiofanany koa ny tao amin'ny Renivohitr'Alaotra Mangoro. Tonga nanatrika ny fiofanana ihany koa ireo liana tamin'ny asan'ny Radio, isan'izany ny tomponandraikitry ny fifandraisana amin'ny Distrika roa tonta dia Ambohimasina sy Antsahatanteraka. Ary farany ny tao amin'ny Renivohitr'i Atsinanana izay nanamarika ny fiafaran'ny enimbolana voalohany.

Mpanentana, mpamokatra fandaharana, mpanao gazety ary teknisiana ireo rehetra nofanina ireo. Noezahina ny hampitovy lenta ny Faritra tsirairay eo amin'ny traikefa amin'ny asan'ny haino aman-jery. Nampitaina tamin'izy ireo ohatra ny fampifandraisana ny lalàna mifehy ny fifandraisana sy ny tandrohasina eo anivon'ny fiangonana Advantista izay tena ilàna fahamailona tokoa. Teo koa ireo paikady entina manatsara ny fahaiza-manao eo amin'ny sehatra tsirairay. "*Natao izany rehetra izany, hoy ny tomponandraikitra, satria tokana ny Radio Oasis ary fahazoan-dalana iray no mifehy azy rehetra. Tanjona ihany koa ny hahatokana ny loko aseho ny mpihaino na aiza na aiza no misy azy ary indrindra ny fananana fitokisana ny mpiasa tsirairay eo am-panefana ny andraikiny satria tsy fanjakana kely ao anatin'ny Fanjakana be tsy akory ny Fiangonana advantista kanefa tokony hanome voninahitra an'Andriamanitra".* Maro amin'ny mpiasa no mbola miandrandra fanofanana hafa ao anatin'ity taona ity saingy miankina amin'ny tetibola izany. Ny avy eto Antananarivo dia hiatrika izany ny faha-23 jolay 2017 tontolo andro.

Raha ny mpanofana indray no asian-teny dia mpampiofana eo anivon'ny Fanjakana ary manana ny mari-pahaizana manokana momba ny fifandraisana sy ny fanaovan-gazety izy ireo na dia samy mpiasan'ny Radio Oasis avokoa aza. Sandaina volabe ny fanofanana toy itony eo amin'io sehatra io. Tombony ho an'ny Federasiona Madagasikara afovoany noho izany ny fananana ireo teknisiana amin'ny radio ireo.

**Volahery Setraniaina**





Fiofanana Antsirabe

Radio Oasis 106.4 FM

## Departemantan'ny Aumonerie

Ny tanjona sy ny iraka izay miandry ny Aumonerie : Hanome fanantenana sy hizara ny fahasoavan'Andriamanitra sy ny teny fahamarinany.

Tomombana ny taratasy takian'ny fanjakana ho an'ireo manao asa eo anivon'ny fonja: ny "Récépissé" avy any amin'ny ministeran'ny atitany sy ny "statut" ary ireo taratasy hafa maro takian'ny lalàna. Ankehitriny, ara-dalàna tsara ny asa ataon'ny fiangonana advantista. Ohatra: tao amin'ny Maison centrale d'Antanimora, maison de force de Tsiafahy, Hopitaly HJRA). Ny maha-zava-dehibe izany dia mbola afaka manatontosa antsakany sy andavany ny fitoriana ny filazantsara sy fanomezana fanantenana ireo antokon'olona tafiditra amin'ireny toerana ireny ny fiangonana.

Tratra teo amin'ny 65 % ny ezaka "badge" ary ara-dalàna avokoa ny taratasy fanamarinana avy any amin'ny Fiangonana ho an'ireo mpanao asa fanompoana manokana izay efa nankatoavin'ny komitin'ny FMC. Eo an-dalan'ny fanatsarana kosa ireo fonja ivelan'Antananarivo sy ireo hopitaly hafa ankoatry ny voatonona tetsy ambony. Efa nampahafantarina ny Pasitora sy efa any am-pelatanan'izy ireo ny taratasy ilaina rehetra hanavaozana ny fiaraha-miasa amin'ny fanjakana amin'ireo distrika maro ato amin'ny FMC, indrindra ireo ahitana fonja sy hopitaly.





Asa atao eny anivon'ny toeram-pitsaboana

### Ireo Hetsika natao :

Faran'ny taona 2016 : Nizara kilalao sy fanomezana maro hafa hanala fahasahiranana ireo ray aman-dreny manana zanaka marary teny amin'ny "maternité" Befelatanana ny Fiangonana Advantista Mandrosoa sy ireo mpino Advantista maro tamin'io.

Zoma 10 February 2017 : Fankalazana ny andro iraisam-pirenena ho an'ny marary. Nandray anjara manokana tamin'ny vavaka ho an'ny marary ny Aumônerie Adventiste tao amin'ny HJRA. Marary niisa 40 no nanaovana vavaka manokana narahina fizarana ny boky misionera sy trakta hafa maro ary semineran'ny baiboly. Raha 800 no fanomezana nangatahina tamin'ireo Fiangonana Antananarivo sy ny manodidina dia nahatratra 1200 ny fanomezana voatolotra tamin'ireto toerana ireto : HJRA 400; HJRB: 500 isa, maternité Befelatanana 200 isa miampy ny centre " Vonjy". Nisy koa ireo fanomezan-drà maimaimpoana ka niisa 20 no nanome izany. Teo ihany koa ireo trakta sy ireo boky maro naparitaka ka nahazo vavaka isaky ny efitrano misy marary (vavaka ho an'ny marary 1200 no vita tamin'io andron'ny marary io izay natao tao amin'ny HJRA, HJRB, Centre Vonjy, HGOB Maternité Befelatanana.

### Hetsika teo anivon'ny fonja :

Ho an'ny fonjan'ny Tsiafahy manokana : Nisy ezaka be vitan'ireo Fiangonana sy Distrika manohana ny Fonja Tsiafahy nanomboka ny Janoary 2017 ka hatramin'ny may 2017 hita fa nitombo ny fatran'ny vary nomen'ireto Distrika ireto : Tanjonandriana, Androndra sy Antsahasoa, Avaratetezana, Ambohijafy, Isotry, vary :400 Kg ka hatramin'ny 450 Kg isam-bolana no natolotry ny Fiangonana izany hoe raha atambatra dia vary 2032 Kg (Jan-May 2017) , voamaina sy legioma : 700 Kg, Menaka, 40 Litatra ,vilia plastika 1000 isa, Labozia 45 Baoritra (Paquet),Baolina foot sy basket 02, Boky maro sy lesona sekoly sabata marobe.

**28 Avrily 2017** : Notanterahina ny fikarakarana ny fanalana nify ireo voafonja miisa 92 ,maro ny fiangonana nanoina ny antso. Vola 150 ariary isam-pianakaviana dia nahavita ireo fividianana kojakojam-panafody, niampy 50 Ariary izay nahavitana nandoko ny "chapelle quartier I" Tsiafahy

Isaorana ny Clinique Dentaire Adventiste Soamanandrariny sy ny Mpitsabo nify tsara sitrapo nanao izany.

Ho an'ny Fonjan'Antanimora manokana : Efa nisy ihany koa ny fanalana nify maimaipoana natao tao 70 ny Lehilahy, 30 isa kosa ny vehivavy ,izay ny Clinique Dentaire Adventiste ihany no nanantotosa izany.

17 Marsa 2017 : Nahazo tombotsoa koa ny Fonjan'Antanimora ,Quartier A misy voafonja 500: vary sy akondro ary mofo dipaina no natolotra tamin'io fotoana io, avy amin'ny Fiangonana advantista 67 Ha izay nanolotra vary mitentina 300.000 ariary , tao ihany koa ny groupe « la voix de l'archange » nanolotra synthetiseur YAMAHA PSR 400 ho an'ny Fiangonana Advantista Quartier lehilahy ao Antanimora sy Guitare avy amin'ny Fiangonana Advantista Manjakaray.

23-29 Avrily 2017 : notanterahina ny kaoferansa lehibe isaky ny quartier 5 tao Antanimora.

13 Mai 2017 : 29 Mianadahy no nanolotena ho an'ny Jesosy ka vita batisa tao Antanimora ka.

### Tanjona ho tratrarina :

Fanatsarana sy fampitomboana ireo mambra mitory sy miasa eo anivon'ny hopitaly Befelatanana sy ny Hôpitaly HOMI (Girard) iarahana amin'ny departemanta ASAFI sy asa ataon'ny tena manokana (FMC).

Fampitomboana ireo badge sy ireo mpandrindra ny asa eny amin'ireo hopitaly hafa ankoatr'ireo voatonona tetsy ambony .

Fanitarana ireo hetsika hafa amin'ireo toby manokana ( Toby miaramila,tobin'ny be antitra , Fonjan'ny ankizy sy ny tanora) eto Antananarivo.

Fanatsarana ny lafin'ny fiaraha-miasa eo anivon'ny Pasitora sy ny fiangonana manohana ny lafiny famatsiana sakafo ireo voafonja ao Antanimora.

Fanatsarana ireo foto-drafitrasa efa misy kanefa nahitana fahasimbana, chapelle adventiste Toamasina,Quartier 2 Tsiafahy,sy Quartier 4 Tsiafahy…

Famporisihana ireo Distrika hafa ivelan'Antananarivo, izay ahitana fonja na hôpitaly mba hijery manokana ireo antokon'olona izay mila fanantenana, sy mila famonjena avy amin'Andriamanitra.

**Pst S.Misaela**

---

## Vaovaon'ny departemantan'ny Fampielezam-boky sy ny Fanahin'ny Faminaniana



Konferansa tao Fiherezana

Ny Voalohany ka hatramin'ny 7 mai 2017 lasa teo no natao tao Fiherezana , Distrikan'Ambohidroa ny kaonferansa nokarakarain'ny departemantan'ny fampielezam-boky. Olona liana manodidina 65 no tonga nanatrika ny kaonferansa isan-kariva. Ireo mpampiely boky avy ao amin'ny "depot" Ambohidroa sy ny mambran'ny fiangonana avy ao Ambohidroa, Ambatolampy, Andranomena niaraka tamin'ny pastotra filohan'ny distrika Ambohidroa no niara-niasa tamin'ity konferansa fitoriana ny filazantsara tao Fiherezana ity. Ny Sabata faha-6 volana mai 2017 no nisokatra tamin'ny fomba ofisialy ny zana-piangonana tao Fiherezana ary mitohy hatramin'izao. Isan-tsabata dia misy mpampiely boky evanjelistra mifandimby tonga any Fiherezana miara-mivavaka amin'ireo olona 25 miatrika ny fotoam-pivavahana.

#### Kaonferansa tao Marobiby-Ambohidrapeto

Ireo mpampiely boky avy ao Ambohidroa sy avy ao Ambohijafy no niara-niasa nandritra ny volana septambra 2016 nanatanteraka ny kaonferansa tao Marobiby-Ambohidrapeto ary nitsangana ny fiangonana .Amin'izao fotoana izao dia efa mitsangana ny fiangonana ary ny sabata 24 jona 2017 no nanaovana ny batisa andiany faharoa ka olona liana miisa 12 no vita batisa. Nitarika izany tany an-toerana ny Pastora Andrianjafiramamy Sylvestra talen'ny departemanta

#### Kaonferansa tao Moramanga

Tao amin'ny tanàna antsoina hoe Ambodiakondro ao Moramanga no toerana nanatanterahana ny kaonferansa ny 21 ka hatramin'ny 28 May 2017 lasa teo. Olona liana manodidina ny 60 isan'andro no tonga nianatra ny Soratra Masina. Ireo mpampiely Boky Evanjelistra avy ao Moramanga no niara-nisalahy tamin'ny fanatanterahana ity kaonferansa fitoriana ny filazantsara ity. Mitohy ny fianaran'ireo olona liana ny Soratra Masina ary miandry ny fotoana izay hanatanterahana ny batisa. Hisokatra tsy ho ela ny fiangonana advantista ao Ambodiakondro.





Konferansa tao Ankadimanga

**Pst Sylvestre R.**



Ambohitsoa



Ambatolampy



## ----ONE DAY CHURCH----

Ny 3 janoary 2017 no Tonga teto Antananarivo ny teknisiana amin'ny fananganana ny fiangonana vita indray andro. Ny 9 janoary no nanomboka ny fanorenana ny fiangonana. Ny fiangonana Ambatolampy ao anatin'ny Distrika Ambohidroa no nanombohana izany. Enina mirahalahy no ekipa miaraka amin'ilay vahiny izay manofana azy ireo amin'izany fananganana izany. Ireto avy ny fiangonana nahazo « one day church » : Ambatolampy Distrika Ambohidroa, Ankazo Distrika Mahitsy, Ambohitsoa Distrika Soavinimerina, Andranofeno Distrika Ankazobe I, Anjozorobe, Antanivao Distrika Tsarasaotra, Antsira Distrika Ambohibary,



Antsira



Mahasolo Distrika Ankadinondry, Antanifotsy Distrika Tanambe, Mantasoa Distrika Manjakandrina, Ambohimanambola Distrika Tanjonandrina, Manarintsoa Distrika Ambohijanaka, ary Vavatenina izay mbola tsy vita.



Antanivao

Efa tafatsangana avokoa ny rindrin'ireo fiangonana ireo amin'izao fotoana izao.

Ny volana may 2017 lasa teo no nitokanana ny trano fiangonana vita iray andro voalohany tao Antanivao-Antsirabe. Nanatanteraka izany tany an-toerana ny pasitora ANDRIAMPARATIANA Fanera filohan'ny federasionan'ny fiangonana advantista Madagasikara afovoany .

## --------------DEPARTEMANTAN'NY FIKAMBANAN'NY MPITANDRINA------------------

Ity sampana ity dia nametraka filamatra ny hahatonga ny Mpitarika ho modely ao amin'ny ankohonana, ao amin'ny Fiangonana ary eo amin'ny fiaraha-monina.

« MPITARIKA MODELY TOA AN'I KRISTY ILAY MPITARIKA LEHIBE » ; izany no filamatra noraisin'ny Departemanta ka ny asa rehetra natao dia nifantoka tamin'ny fanatrarana izany avokoa. Nosintonina avy ao amin'ny 2 Timoty 2. 15: "Mazotoa manolotra ny tenanao amin'Andriamanitra **ho olona voazaha toetra, dia mpiasa tsy mahazo henatra**, mizara tsara* ny teny fahamarinana". [* Na: mamoaka tsara; na: mizotra mahitsy amin']

Ity sampana ity izany no natao hikarakara ireo olona mandray fanosorana ao amin'ny Fiangonana dia ny Pasitora, ny Loholona ary ny Diakona; izay napetraky ny Soratra Masina ho mpitarika ny Fiangonana hatrany am-boalohany.

Ny zava-dehibe voalohany tsara ho fantatra dia izao andraikitr'ity sampana ity ny mampianatra, manofana, manohana, manoro-hevitra, mitaiza ary manabe ireo antokon'olona voalaza eo ambony ireo mba hahatonga azy ho afaka hitondra sy hitaiza ary hikolokolo ny mambra rehetra ao amin'ny Fiangonana satria miankina amin'izy ireo ny fiainam-panahin'ny Fiangonana manontolo na ho amin'ny famonjena na ho amin'ny fahaverezana.

Faharoa manaka izany, tena ilain'ny rehetra ny mahalala fa ny hoe "HOSORANA" izay atao amin'ny alalan'ny fametrahan-tanana dia midika ho fanavahana, fanokanana, fanamasinana. Koa ireo olona ireo izany dia sokajiana ho isan'ny olona masina tsy mitovy intsony amin'ny mambra tsotra na fomba fiainany na ny zavatra ataony. Manaraka izany, amin'ny maha-mpiandry ondry ny Loholona dia manolokolo sy mikarakara ny ondriny izy. Ao anatin'izany andraikitra izany indrindra no anarahany maso akaiky ny mambra tsirairay avy ao amin'ny Fiangonana.Ny Loholona dia tokony hanoro hevitra , hampahery sy hivavaka ho an'ireo marary, ireo kivy sy izay rehetra manana olana manokana. **THL p. 29 § 4**. Tsy ho an'ny Loholona ihany akory izany fa ho an'ny olona nametrahan-tànana rehetra. Ny olona izay nandray fanosorana dia tokony hanana ny faharesen-dahatra tanteraka ao anatiny fa nohosorana izy satria nantsoin'ANDRIAMANITRA ary manolotra ny fiainany ho amin'ny fanompoana an'ANDRIAMANITRA arakaraka ny sokajy nanosorana azy.

Fahatelo, miantso mandrakariva ireo nandray hosotra rehetra mba hanamafy ny fanoloran-tenany ho amin'ny fanompoana an'ANDRIAMANITRA ary hanamafy ny fanandramany miaraka amin'ANDRIAMANITRA. Koa miantso ny Fiangonana manontolo mba hivavaka ho azy ireo isan'andro.

## ------------------------------------------------- MINISITERAN'NY VAVAKA -------------------------------------------------

Ity minisitera ity dia nanokatra ny fijerin'ny rehetra hahatsapa ny toeran'ny vavaka, ny fotoana hivavahana ary ny hahatonga ny vavaka ho ankasitrahana eo anatrehan'ANDRIAMANITRA.

Ity minisitera ity dia nametraka filamatra ho an'ny rehetra fa dieny ankehitriny isika dia : « **MIAINA NY RIVOTRY NY LANITRA. »**

Izany dia nosintonina avy tao amin'ny : **1 Tesaloniana 5.17 Mivavaha, ka aza mitsahatra.**

Ny ezaka notratrarina dia nisintona ny fijerin'ny olona tsirairay hankamamy ny vavaka (isam-batan'olona , isam-pianakaviana, isam-paritra, isam-piangonana).

Ny fiofanana ho fanatanterahana izany dia niainga tamin'ireo Mpitarika ny Fiangonana (olona nandray fanosorana) sy ireo filohan'ny sampana ary ny Fiangonana manontolo tamin'ny toerana rehetra nanaovana ny fiofanana.

Anisan'ny ezaka lehibe natao koa ny fanandraman'ny fifohazana 10 andro izay atao indroa isan-taona ho lasa fiainan'ny fiangonana manontolo. Tsapa fa nihanitombo ny fahalianan'ny olona nanatrika sy nandray anjara tamin'izany.

Efa miha miparitaka koa ny fanatanterahana ny vavaka manokana iarahan'ny Fiangonana mitolona toy ny : fifadian-kanina sy ny alim-bavaka. Amporisihina ny hananan'ny Fiangonana izany fomba fiainana izany satria izany no mampahatanjaka ny fiainam-panahy ny tsirairay sy ny fanoloran-tena ho amin'ny fanompoana.

Raha fintinina ny voalaza dia nifantoka tanteraka tamin'ny fanatanjahana ny mpitarika ny ezaka natao mba hahatonga ny Fiangonana hizotra amin'izay tokony hizorany. Mazava ho azy fa ny faritra izay nandray sy nanaraka dia nanana tombony kokoa noho ny hafa.

Koa mirary fahombiazana hatrany ho antsika rehetra eo amin'izao hazakazaka farany izao mba tsy hisy ho latsaka an-dàlana fa ho tody soa handray ny loka nampanantenaina izay omen'Ilay Mpitarika Lehibe eo am-pitsenana Azy ny tsirairay.

Mahereza aza miova !

**Pst RAMANIRAKA Richard**

## ------------------------------------------------------Ministère Des Femmes------------------------------------------------------

Comme nous le savons tous, Le Département du MIFEM existe pour soutenir, encourager et lancer un défi aux femmes Adventistes dans leur pèlerinage en tant que **disciples de Jésus Christ et membre de son église mondiale**. C'est-à-dire, aider les femmes à élever CHRIST à travers la relation très significative avec Lui et les aider à avoir un ministère efficace

### Mais comment s'y prendre ?

*Nous ne nous écartons pas de nos 2 objectifs principaux à savoir :*

OG1 :

Femme disciple efficace de Jésus (croissance spirituelle)

Femme lumière du monde (développement dans toutes les dimensions humaines)

Femme prête et prépare les autres pour le retour éminent de Jésus Christ (Evangélisation Personnelle)

OG2 :

Exploiter leur POTENTIEL

Grandir et se développer

Mais cette année-ci, surtout ce premier semestre, nous mettons l'emphase plus spécifiquement sur l'évangélisation à savoir : TANA pour CHRIST.

De ce fait, par le biais de nos plans stratégiques qui se résument sur le REACH UP, REACH IN, REACH OUT, nous luttons pour que les femmes soient nourries et remplies de la puissance Divine pour accomplir le potentiel donné par Dieu.

**Chaque femme : toucher un cœur, atteindre le monde**

### Activités réalisées

### Formations dispensées :

Formation sur le MIFEM pour tous et surtout les responsables (regroupement par District ou Région)

Formation des femmes Leaders (LEADERSHIP III)

Formation des femmes prédicateurs laïcs (chaque mardi dans la Zone d'IVATO)

Formation pré-campagne : expo santé – plan de 5 jours – sports collectifs

### Formations reçues

De l'IOUC ➔ « Comment écrire un livre ? » (février 2017)

De la CG ➔ « LIGHT », formation de 9 jours pour « l'évangélisation pour la santé » (Mars 2017)

Convention pastorale (26 mars - 02 avril 2017)

De la CG ➔ sur l'aumônerie ( 16 – 18 mai 2017)

### Evangélisation

TANA POUR CHRIST : pré-campagne : Expo Santé et Plan de 5 jours, Consultation gratuite

CONFERENCE à IVATO

TMI/MRMA : Conférence hors de Tana :

Pré-campagne ➔ formation des membres sur toutes les préparations avant conférence

Conférence en JUIN et JUILLET 2017

## Taona 2002 – 2017 : Feno 15 taona ny fiangonana advantista ao Ankandrina



Antsam-panahy fitoriana ny filazantsara nataon'ny antoko mpihira avy ao amin'ny fiangonana advantista Mahazo, narahina semineran'ny Baiboly sy konferansa momba ny Apokalypsy no niandohan'ny fiangonana teny Ankandrina. Mpino advantista 7 avy ao Mahazo no nitarika ny Sekoly sabata zanany. Ny taona 1992 no nakarina ho eo amin'ny laharan'ny zana-piangonana voalamina ka Andriamatoa Randrianasolo no Talen'ny fiangonana. Ny taona 1994 no tonga teo amin'ny laharan'ny fiangonana voalamina ka Andriamatoa Razafindrabiby Jacques Rolland no voafidy ho loholon'ny fiangonana. Nividy tany ny fiangonana ny volana Jona 1995 no natao ny fiadiana ny fototra izay notarihin'ny pastora Ramanantsialonina Félix ary ny 20 Jolay 1996 no nivavahana voalohany ny trano. Ny pasteur Francis Danfort talen'ny departemantan'ny tanora teo anivon'ny Fivondronambe aty amin'ny ranomasimbe Indiana no nitarika izany. Ny 28 Décembre 2002 notokanana ny trano fiangonana tao Ankandrina.

Ny sabata voalohan'ny volana jolay 2017 natao Ankandrina ny fotoam-pivavahana ho fiderana sy fisaorana an'Andriamanitra noho ny fahatrarana ny faha-15 taonan'ny fiangonana. Nitarika izany ny filohan'ny distrika ny pastora Andrianatrehana Nantenaina. Ny Genesisy 28 : 16,17 no andinin-tSoratra Masina nisintonana ny teny faneva entina manamarika ny faha-15 taonan'ny fiangonana. Fanatsarana sy fanavaozana ny trano fiangonana no tsangambaton'ny fankalazana izay kendrena ho vita amin'ny faran'ny taona 2017. Olo-manan-kaja maro sivily sy miaramila avy amin'ny commune Ambohibe Ilafy sy Ambohimangakely notarihin'ny Solombavambahoaka voafidy tao Avaradrano no tonga nanatrika ny fotoam-



panokafana. Nandritra izany fotoana izany no nanoloran'izy ireo ny anjara birikiny entina manatsara sy manavao ity fiangonana advantista ao Ankandrina ity.

**Edourad Ranaivoson**

## Torohevitra fisorohana ny allergie



Noho ny vaninandro mangatsiaka loatra no isehoan'ny ireo allergie maro samihafa, ka isan'izany ireo manana olana manokana amin'ny hoditra. Mila mitandrina ny amin'ireo zavatra hohanina, ary tokony hanaraka tsara ireo fitsaboana ho an'ireo izay tratran'ity "allergie" ho amin'ny hoditra ity.

Ireto sakafo tanisaina manokana ireto no tokony ho tandreman'ny olona misy "Allergie" : ny voanatsindrana, ny saonjo, ny garana, ny voatango, ny anatsinahy, ny fampiasana ny siramamy fotsy, ny sakafo endasina rehetra.

Mampihetsika ny olan'ny hoditra kosa ny fihinanana ireto : ny chocolat,ny coca, ny hazandrano,ary ny "charcuterie" .

Ilaina ny mahafantatra ireo karazana "allergie" eo amin'ny vatana ka tsara ny manatona ny mpitsabo ary manao ny fitiliana mba ahafantarana ny aretina ary manao ny fitsaboana.

Mila fantarina ihany ny toromarika mikasika ny fisotroana rano ka ny mpitsabo no manome izany ho an' ny olona manana olana eo amin'ny "Allergie".

Toro-hevitra tsotra atolotra ireo olona manana olana eo amin'ny hoditra :

Mila ireto akora ireto isika : betravy manta 01, Tamotamo voatoto 01 sotrokely,Rano ½ vera, Tamenak'atody akoho gasy 01,ranom-boasarimakirana 01,na didina Mananasy 01,Tantely 03 sotro lehibe, Solila na persily 50g.

Fomba fikarakarana azy :

Sasao tsara ny akora rehetra notanisaina tetsy ambony, totoy ireo ary afangaroy avokoa, hanina indray mandeha ao anatin'ny tontolo andro , ka mandritra ny 03 andro misesy .

Ny ovy manta koa, dia fampiasana mahomby ho an'ireo olona manana olana manokana eo amin'ny hoditra, ka ity manaraka ity indray no fomba fampiasa azy :

Kikiso ny ovy manta rehefa avy nosasana madio, dia hanina manta miaraka amin'ilay ranony,na atao lasary ka ny voasarimakirana no ampiasaina miaraka aminy, atao mandritra ny 07 andro .

Ny tena tsara dia aleo misoroka toy izay mitsabo.

**Hanitra Rajaonarimalala**

## IVON-TOERAM-PIOFANANA AMBOHIDRATRIMO

10 Taona izao no nijoroan'ny Centre de Formation ao Ambohidratrimo, izay eo ambany fiahian'ny fiangonana Advantista ao an-toerana. Fianarana zaitra, sakafo ara-pahasalamana sy nahandro, teny frantsay no atao ao, ary ambonin'ireo rehetra ireo ny fianarana ny tenin'Andriamanitra. Manodidina ny 400 ny olona efa nahazo tombotsoa tamin'ity centre ity, nandritra izay 10 taona nijoroany izay, ary maimaimpoana avokoa ny fianarana izay mandritra ny enim-bolana. Ny volana jona 2017 no navoaka tamin'ny fomba ofisialy ny andiany faha folo.

*Centre de formation maminay, raha nampianatra zaitra anay*  
*Tsy mitsahatra manome ny soa, mba ho reharehanay tokoa*  
*Izy dia sekoly hafa kely, fa tsy mba misy sandany velively*  
*Ary maro no hita amin'izany, fa tsy voatery zaitra ihany*  
*Ao ny teny vahiny, izay tena mahaliana antsika ankehitriny*  
*Ao koa ny soratra masina, izay tena manan-kasina*  
*Eny hankasitrahana ireo mpampianatra, fa naha tafa-voaka anay mpianatra*  
*Koa Andriamanitra anie homba anareo sy hamaly fitia anareo*  
*Ka izay rehetra liana, dia manatona an'I Mme Tiana*  
*Izay tsy lavitra an'larivo, tsy aiza fa eto Ambohidratrimo*  
*Ary raha misalasala amin'ny teny frantsay, dia mianara raha te hahay*  
*Mba hiaraka amin'ny rahatrafa, ny toerana voafetra*  
*Ka tongava mianatra, fa ny soa hono fianatra*  
*Ary mba ho reharehanao, n'aiza n'aiza misy anao*  
*Isan-taona moa izy ity, eto amin'ity centre ity*  
*Koa tongava fa aza tara, fa miandry ireo mpikarakara*

## KILALAO ARA BAIBOLY

1. Mofo……………………………………….
2. Tsy natoky tanteraka tamin'Andriamanitra…………………………………………………
3. Sampy…………………………………………………………………………………………
4. Haren'ny tany…………………………………………………………………………………
5. Ny hazo fahalalana ny tsara sy ny ratsy………………………………………………………
6. Ny hanin'ny mpanjaka…………………………………………………………………………
7. isalasala ny amin'ny teny fikasan'Andriamanitra………………………………………………
8. Fiarovana sahisahy……………………………………………………………………………
9. Manaraka ny sitrapony………………………………………………………………………
10. Mandainga amin'Andriamanitra………………………………………………………………

| | | | |
|---|---|---|---|
| Eva | Samsona | Mesaka | Asa 5: 1-10 |
| Daniel | Azaria | Jesosy | Gen 3 |
| Abednego | Adama | Abrahama | Dan 1: 8-17 |
| Safira | Sadraka | Hanania | Mpits 13 : 16-30 |
| Misaela | Ananiasy | Daniel 3 | Mat 4: 1-11 |


# Notre équipe

Patron de Presse

- Pasteur Fanera ANDRIAMPARATIANA / Pdt de la FMC
- Pasteur Ando H. RAMIHARANJAKA / Tresorier FMC

**Directeur de Département :** Lydia A. RAKOTONDRASALAMA

**Directeur de Département associé :** Pst David O. RATOVOARISOA

**Directeur de la Boîte :** Pst Herimanitra RANDRIANARIVONY

**Directeur de la publication :** SETRANIANA Volahery

**Directeur De la Rédaction :** Vonona RAKOTONDRATSIMBA

**Responsable du Journal :** Edouard E. RANAIVOSON

Reporters

- Violette RASOARIMALALA
- Hanitra RAJAONARIMALALA

**Maquette :** Toky ANDRIAMALALA

**Correcteur :** Francesca RAFARAHANTANIRAINY